



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitava - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-261

**ADIHEVITRA MIARAKA AMIN'NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY
GOVERNEMANTA MIKASIKA NY ASA VITAN'IZY IREO**

Fivoriana faha-22
Natao ny
Alakamisy 8 Jona 2023
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 8 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Adihevitra miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny asa vitan'izy ireo.

Nitohy ny Alakamisy 8 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth no nanatontosa izany.

Ireto manaraka ireto ny mpikambana ao amin'ny Governemanta hiatrika ny adihevitra:

- Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
- Minisitry ny Raharaham-bahiny;
- Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana;
- Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany;
- Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana;
- Minisitry ny Filaminam-bahoaka;
- Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana;
- Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy;
- Minisitry ny Fizahan-tany;
- Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena;
- Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina;
- Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiantsa;
- Minisitry ny Fanabeazam-pirenena;
- Minisitry ny Fahasalalamam-bahoaka.

Nanao satroka, Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, taorian'izay ary nambarany fa masina ity Andrimpanjakana ity. Noho izany, tokony hajaina izany ary tokony ho feno koa ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra mitarika ny fivoriana satria ny mambran'ny Governemanta rehetra no saika tonga eto amin'ny Antenimierampirenena miaraka amin'ireto Solombavambahoaka ireto amin'izao fotoana izao.

Nanao satroka koa, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa ary nambarany fa mitovy amin'ny voalazan'ny namana teo no hambarany. Andrimpanjakana manana ny maha izy azy ny Antenimierampirenena; miisa 13 ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Noho izany, afaka mametram-pialàna ny Birao Maharitra raha tsy vonona hiasa ary aza atao tsinontsinona ity Andrimpanjakana misy antsika ity. Lazao raha manana olana ianareo, fa tsy mety ny zavatra tahaka izao.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa voaray ny fanamarihana teo.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nanambara fa tsy tokony hatomboka ny fivoriana raha tsy tonga avokoa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Ny antony, tsy mety ny zavatra tahaka izao. Isika mihitsy no tsy manome hasina ity Andrimpanjakana misy antsika ity. Aleo feno ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra vao atomboka ny fivoriana, ka miala tsiny indrindra.

Nanao satroka koa, Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert, nanambara fa raha nandinika ny fandaharam-potoana ny Solombavambahoaka, vory tao daholo ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay notarihan'ny Filohan'ity Andrimpanjakana ity. Manery ny mambran'ny Governemanta hatrika antsika isika, kanefa izao no zava-misy. Noho izany, mangataka izahay, aleo ajanona ny fivoriana raha tsy feno 3 ny isanareo mpitarika eny amin'ny "perchoir". Mangataka ny Solombavambahoaka mba hiara-hientana momba izany ary tokony hatao tsangan-tanàna koa izay.

Nanao satroka koa Andriamatoa RAKOTOSON Hubert ary nilaza fa raha tsy feno ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra dia foanana ny fivoriana. Ny antony, fifanatrehana tokony hivantana amin'ny haino aman-jery no atao kanefa izao no zava-misy.

Nanao satroka torak'izany koa no nataon'Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant de L'Or, nambarany fa amafisiny ny teny nataony tamin'ny fihaonana tamin'ny nanaovan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta tatitra teto izay notarihan'Andriamatoa Praiminisitra. Tsapa fa manaja ny tetiandro efa narafitra ny mpikambana ao aminy.

Tsara koa ny manamarika, fa araka ny teny nataon'Andriamatoa Praiminisitra dia tsy maintsy misy fifidianana amin'ity taona ity. Ampahafantarina antsika vahoaka Malagasy izany.

Mbola nanao satroka koa Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore taorian'izay ary nambarany fa efa fantatra ny lahadinika sady maro ny mpikambana tao amin'ny "Conférence des Présidents" no nanatrika ny famolavolana izany. Isaorana ihany koa ireo Solombavambahoaka maro saropiaro amin'ny hasin'ny Andrimpanjakana misy antsika izay nanaja ny fomba fiasa. Tsy vao izao isika no nivory ka mpikambana roa ao amin'ny Birao Maharitra no nitarika ny fivoriana. Tsy nahasakana ny fivoriana natao tao anatin'ny 4 taona anefa ny fahavitsian'izy ireo tamin'ny fitarihana fivoriana. Androany isika vao hilaza fa saropiaro amin'ny hasin'ity Andrimpanjakana ity kanefa ny fandraisana andraikitra tsy mifandanja akory amin'ny fitakiana atao androany. Voasoratra ao anaty Lalàmpanorenana izao zavatra izao ka tokony hotanterahana.

Nandray fitenenana Andriamatoa BISMARCK Mong Mann ary nanambara fa tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana mikasika ny hanohizana na tsia ny fivoriana satria maro loatra ny satroka ataon'ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka Ramatoa RAHERIHARIJAONA Regina Clarisse ary nangataka ny hampiatoana ny fotoana amin'ny alalan'ny tsangan-tànana, ka aorian'izay manao fivoriana mikaton-trano ny Solombavambahoaka handinihana izay tokony hatao.

Nandray fitenenana, Andriamatoa PEPIN Michou, ka nambarany fa aleo ajanona ny fivoriana raha tsy ampy ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Satroka no nataon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, toy ny namany tany aloha dia ny fahavitsian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra no antony tsy hahatanteraka izao fivoriana izao. Noho izany, aleo ajanona ny fivoriana.

Satroka ihany koa ny an'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène ary nambarany fa tsy mahavahiny ny Solombavambahoaka ny tsy fahampian'isa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Tsy fantatra ny antony ilazana hoe aleo ravaina ny Birao Maharitra; na ny Solombavambahoaka koa aza tsy ampy isa rehefa mivory, ka izay no mahagaga.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, nambarany fa fotoana voatondro ny hanaovana izao fihaonana izao, ka aleo tohizana ny fivoriana.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny no nanambarany fa aleo miandry kely sao ho tonga ihany ny mpikambana sasany ao amin'ny Birao Maharitra. Raha tsy ho avy izy ireo, tokony handray fanapahan-kevitra ny mpivory.

Satroka no nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ka nangataka amin'ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny tenany satria lany andro fotsiny ny mpikambana ao amin'ny Governemanta raha izao no mitohy.

Torak'izany koa, satroka no nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nomarihany fa vao nanomboka ity "législature" ity dia efa nanana olana isika. Omen-dàlana ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta fa ny Solombavambahoaka kosa hanao "huis clos" handravona izao toe-javatra izao.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAOELINA Andriam-Harimanana Seth, nambarany fa naharitra loatra ny nitazonana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ka tokony hatomboka ny lahadinika.

Raha ny namonjeko ny toerana teny ambony, niangaviana aho no nankeny, fa tsy izaho no te-hipetraka eto fa ialana tsiny, hoy ny nambarany.

Mikasika ny fitazonana an'Andriamatoa Praisinisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, efa tapak'andro no nahateto azy ireo kanefa tsy nisy zavatra. Noho izany, aleo tohizana ny fivoriana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure dia nanontany amin'ny hahatongavan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra na tsia mba hahafahana manapakevitra.

Rehefa izany, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ho avy eo ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra saingy mandamina zavatra vetivety fotsiny.

Nanao satroka Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Félicien, nambarany fa "point fort" ho an'ny mpanohitra ve sa "point faible". Izany hoe, raha tsy hatao ny fivoriana, aleo mody dia omena lalana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Azo atao koa ny manao "huis clos" raha mety izany.

Satroka torak'izay koa no nataon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nambarany fa Andrimpanjakana ny Antenimierampirenena, lalàna vilana no mivoaka ato raha mandringa tahaka izao isika.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ho feno tsy ho ela ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Nanao satroka Andriamatoa SATRA Augustin ary nambarany fa aleo tohizana ihany ny fivoriana satria efa vonona ny Solombavambahoaka.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa DARKHAOUI Siritis ary nambarany fa tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana mba handray fanapahan-kevitra ny fivoriambe amin'ny hanohizana na tsia ny fivoriana.

Raha nanao satroka Andriamatoa RAKOTOSON Hubert nambarany koa fa tokony tsy hisy zavatra andrasana intsony, fa aleo hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Izay no vahaolana amin'izao zava-miseho izao.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena fa tsy maintsy telo no isan'ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra mitarika fivoriana vao azo atomboka izany.

Manarak'izany, ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-101 no mamaritra izao fihaonana izao, ka raha tsy manaraka izany ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta dia lasa mandika lalàna.

Nanao satroka Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa ary nambarany fa tokony hantsoina ny mpikambana ao amin'ny amin'ny Birao Maharitra raha izay no olana satria tsy dia mipetraka lavitra ny ankamaroan'izy ireo.

Fanampin'izay, olona tomponandraikitra no manoloana antsika, ka aleo aroso ny fivoriana satria zava-dehibe ho an'ny firenena no hatao eto.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, nanamafy ny tenany fa tsy voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny hoe: tsy maintsy telo no

mitarika fivoriana. Ekena izay saingy mandringa ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Noho izany, tokony hiroso amin'ny tsangan-tànana ny fivoriambe, raha lany hoe hotohizana dia tohizana; raha mifanohitra amin'izay dia miato ny fivoriana.

Nanao satroka koa Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert ary nilaza fa tsy fanoherana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipika Anaty no misy eto. Tsy milaza ihany koa ny Solombavambahoaka fa hofanana ny fihaonana amin'ny Governemanta, fa ahemotra izany raha tsy feno ny isanareo. Aleo atao ny tsangan-tànana dia ho hita eo na haroso na tsia ny fihaonana.

Mbola satroka hatrany no nataon'Andriamatoa PEPIN MICHOU ary nambarany, fa mety ho olana avy amin'ny mpitarika no antony tsy mahafeno ny seza rehefa mivory. Isaorana ny Governemanta tonga ara-potoana sy nanaja ny Lalàmpanorenana. Eo anatrehan'izany, tokony hovahana aloha ny olana ato amin'ny Antenimierampirenena ary omen-dàlana handeha izy ireo. Maninona raha manao "huis clos" isika hamahana ny olana misy ary sy midika ho fanonganana ny Birao Maharitra izany.

Satroka no nataon'Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure ary nambarany, fa aleo atomboka ny fivoriana satria efa feno ny isan'ny mpitarika ka mba tsy izay intsony no anaovana "motif" tsy hivoriana.

Mbola nanao satroka koa Andriamatoa RALAVAO Paul, efa feno ny isanareo Birao Maharitra ka inona no tsy anombohana ny fivoriana, fa tazonina ela eto ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa ANDRIANTAHINOMENJANAHARY Felicien ka nilazany fa tokony horavana ny fivoriana dia ahemotra ny fihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hanao fanamarinam-pahatongavana aloha vao miroso amin'ny votoatin-draharaha.

Taorian'izay niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany, hanao ny fahamariham-pahatongavana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany ny tenany sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza tany aloha.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra hatrany ny tenany mba hamaky ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-166, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena milaza ny fisian'izao fihaonana izao.

Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny; Andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Isaky ny fiandohan'ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran'ny Governemanta amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahana ny fandaharanasany.

Arahana adihevitra mahakasika ny asan'ny Governemanta sy ny fanombanana ny politikam-panjakana ny fanolorana.

Andininy faha-166, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Araka ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Governemanta no manolotra ny Antenimierampirenena ny tatitra isan-taona momba ny fanatanterahana ny fandaharanasany. Arahana adihevitra izany fanolorana izany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, ny tenany tamin'ny famakiana izany.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay fa hiroso amin'ny fandaminana ny fizotry ny fihaonana ny fivoriambe, ka toy izao izany: manao teny fampidirana Andriamatoa NTSAY Chistian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, aorian'izay mandray fitenenana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana mikasika ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta. Tapitra izay, mandray fitenenana tsidimidimy avy ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nilaza fa efa nisy teny natao teo hoe atao aloha ny tsangan-tànana amin'ny hirosoana amin'ny fivoriana na tsia satria efa feno ny isan'ny Birao Maharitra. Mivadika "huis clos" aorian'izay.

Nanao satroka koa Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, nambarany fa efa amin'ny 12 ny ora, atoandro izao ka tokony hahemotra ny fihaonana. Fandaminana no atao satria arahina ny Lalàmpanorenana, mangataka fanemorana ny Solombavambahoaka satria tsy mety intsony androany satria mbola manana 2 herinandro hivoriana isika. Miangavy ny mpitarika koa izahay mba ho tonga mialoha mba ahahatsara ny zavatra hifanatrehana eto.

Mbola nanao satroka koa Andriamatoa RAMAROSON Bonaventure ary nilaza fa aleo atao ny tsangan-tànana hanapahana hoe hotohizana na tsia ny fivoriana.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nambarany fa efa feno ny isan'ny Birao Maharitra ka inona no antony tsy anombohana ny fivoriana.

Mbola nanao satroka koa, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore ary nanambara fa efa feno ny Birao Maharitra; araka ny fantatra atao androany sy rahampitso izao fihaonana izao. Tsy mendrika ny fitokisan'ny vahoaka isika raha izao no zava-misy satria tsy izany ny asa nankinina tamin'ny Solombavambahoaka. Aleo tohizana ny fihaonana raha ny fijerinay azy.

Nanao satroka Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, ka nanambara fa aleo miroso amin'ny tsangan-tànana fa lasa fandrebirebena no hita eto.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa raha vonona hiasa ny Solombavambahoaka, afaka mikarakara sakafo ny Birao Maharitra.

Mbola satroka koa no nataon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle ary nambarany fa efa voavaha ny olana voalohany miteny hoe tsy ampy isa. Ny zava-misy anefa, efa tara ny fotoana tokony ho nanombohana ka aleo ahemotra izao fihaonana izao.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert ary nambarany fa vonona hiasa sy hanatanteraka ny andraikitra nankinin'ny vahoaka aminy ny Solombavambahoaka matoa tonga eto. Mangataka fanemorana koa izahay satria izay no fantatra fa tandrify ny zava-misy androany. Aleo aroso ny tsangan-tànana dia ho hita eo ny valiny na hotohizana na tsia izao fivoriana izao.

Namafisin'Andriamatoa PEPIN MICHOU tamin'ny alalan'ny satroka nataony ny hirosoana amin'ny tsangan-tànana mba hahitana na hatao ny fivoriana na tsia.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny tsangan-tànana raha tsy misy handray fitenenana na hanao satroka intsony.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nanaiky hitohizan'ny fivoriana; Solombavambahoaka miisa 33 no nandany ny hanemorana ny fivoriana; iray no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahemotra ny fihaonana tokony hataon'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ary hatao amin'ny fotoana manaraka izany.

Rehefa izany, nomeny làlana hamonjy ny adidy hafa miandry azy ireo ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona